Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

Mercredi 22 avril 2020

Mitarika : Pst Henintsoa RASOLONJATOVO

Thème : La prière au quotidien
Texte : Jean 15,5-8

Fiharabana Apostolika

FFPM 816/1,2,4
Ny lohan'ny eklesia
Dia Jeso Tompony,
Ny rano aman-teny
No iorenany,
Nitady azy Izy
Ho ampakariny,
Nalatsany ny rany
Ho avo-tsoany

Na be ny firenena
Izay ihaviany,
Iray ny famonjena
Izay inoany
Iray ny antenaina
Rehefa mby ary;
Iray no mofon'aina
Izay fihinany.

Tsy ela dia ho hita
Ilay Mpampakatra
Tsy ela dia ho vita
Ny ady masina;
Ny rafy horeseny,
Ny loza tapitra,
Fa Izy ho tonga eny
Am-pitsaharana.

Vavaka fihaonana sy fiaiken-keloka

FFPM 241/1,3
Ry Jeso ô! Midina,
Jereo 'zahay izao;

Atreho sao variana,
Ka tsy mahita Anao.
Hazoninao ny saina,
Hijery tsara Anao.
Mba tsy ho very maina,
'Zao fivoriana izao.

Ry Jeso ô! Monena,
Midira Hianao,
Ny fonay manantena
Handray Anao izao;
Ka izay misalasala
Ampaherezonao,
Dia taomy hahalala
Ny fitiavanao.

Fampidirana

FFPM 244/1
Ry Jeso! Mba henoinao
Ny feonay mpanomponao,
Izay mivavaka aminao
Mitady fitahiana.

Vakiteny 1 : Jaona 15,5-6

Fanazavana fohy

FFPM 244/2
Vokiso ny fanahinay,
Ny teninao no haninay,
Hahaizanay mamahana
Ny reraka ao an-dalana.

Vavaka isan-tokantrano
- Ho an'ny firaisan'ny krisitiana tsirairay amin'I Krisy,
- Ho an'ny fiombonan'ny kristiana rehetra ao amin'I Kristy
- Mba hazoto hivavaka hanankina ny fiainana amin'Andriamanitra ny tsirairay

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 2 : Jaona 15,7

Fanazavana fohy

FFPM 244/3
Ampaherezonao izao
Ny tànanay mpanomponao
Hanohana ny olonao

Miraviravy tanana.

Vavaka isan-takantrano

- Mba hazoto handray sy hihaina ny Tenin'Andriamanitra ny tsirairay
- Mba hanaiky ny sitrapon'Andriamanitra eo amin'ny fiainana.
- Ho an'ireo mandalo ady sarotra ka mila tsy hahazaka ny hazo fijaliany

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 3 : Jaona 15,8

Fanazavana fohy

FFPM 244/4

Omeo fo mazoto re!
Tolory fahendrena be;
Tarihonao ny hevitray;
Tendreo koa ny molotray.

Vavaka isan-tokantrano

- Hisaotra sy hankalaza an'Andriamanitra ny amin'ny valim-bavaka rehetra
- Hitombo amin'ny finoana sy ny fahalalana an'I Kristy
- Hitombo finoana amin'ny vavaka rehetra atao

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

FFPM 244/5

He! Tsinontsinona izahay,
Malemy sady tsy mahay;
Ka dia ampaherezonao
Hanaovanay ny sitrakao.

Hafatra

« Fa raha tsy amin' ny finoana, dia tsy misy azo atao hahazoana sitraka aminy; fa izay manatona an' Andriamanitra dia tsy maintsy mino fa misy Izy sady Mpamaly soa izay mazoto mitady Azy. » Hebreo 11.6

FFPM 480/1,3

Mamin'ny foko, ry Jeso ô !
Ny famonjena izay vitanao;
Ny hadisoako navelanao
Tena afaka aho mandrakizay.
Jeso malala ô !
Mpamonjy soa!
Indro ny aiko raiso ho Anao ;
Velon-kanompo,
velon-kanoa,
Vonon-kanao izay sitrakao.

Aoka ny foko sy ny fonao
Hiara-mitepo tena iray;
Aoka ny saiko sy ny sainao
Hiray safidy mandrakizay.
Jeso malala ô !
Mpamonjy soa!
Indro ny aiko raiso ho Anao ;
Velon-kanompo,
velon-kanoa,
Vonon-kanao izay sitrakao.

Tsodrano

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo. Hampamirapiratra ny tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo. Hanandratra ny tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo fiadanana